



Nataon'ny Eveka Keith B. McMullin  
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Episkôpâ Mpiahy

# Ny Lalan'ny Adidintsika

*Ny adidy dia tsy mitaky fabalavorariana, fa mitaky kosa fahavitribana. Ny adidy dia tsy hoe izay rariny fotsiny fa tena izay feno basina.*

**F**eno fikorontanana izao tontolo izao. Fifandirana sy loza no hita eny rehetra eny. Indraindray ianao mieritreritra hoe tandindomindzoa ny fainan'ny zanak'olombelona.

Raha naminany mikasika izao andrantsika izao ny Tompo dia nilaza hoe: "Hihozongozona ny lanitra, ary koa ny tany; ary fahorianabe no hanjo ny zanak'olombelona, *fa ny oloko kosa dia hotsimbiniko*.<sup>1</sup>" Tokony hahazo fahatokiana lehibe amin'izany fampantanenana izany isika.

Na dia manakorontana tanteraka ny "filaminan'ny lalan[tsika],"<sup>2</sup> aza ireo loza, dia tsy tokony handrava mandrikazay ny fainantsika izany. Afaka "manaitra [antsika] hahatsiaro"<sup>3</sup> izany, "hamoha [antsika] ho amin'ny fahatsiarova[ntsika] ny adidi[ntsika] amin' Andriamanitra,"<sup>4</sup> ary hitantana antsika izay "efa mby amin'ny lalan'ny adidi[ntsika]."<sup>5</sup>

Nampiasain'ny fianakaviana Casper ten Boom hiafenan'ireo olona izay nataon'ireo Nazi haza lambo ny trano ny tany Hollande nandrity ny Ady Lehibe Faha-II. Izany no fomba nanehoan'izy ireo ny fainany ny finoana Kristianina izay narahany. Namoy ny ai ny ny olona efatra tao amin'ny fianakaviana vokatr'izany fampiantranoana izany. Niaina zavatra mahatsiravina nandrity ny volana maromaro tao amin'ilay toby iray fanta-bahoaka izay

fanangonana gadra tany Ravensbrück i Corrie ten Boom sy ny rahavaviny, Betsie. Maty tao i Betsie—fa tafavoaka velona kosa i Corrie.

Tao Ravensbrück, dia nianatra i Corrie sy Betsie fa manampy antsika hamela heloka Andriamanitra. Taorian'ny ady dia tapa-kevitra i Corrie fa hizara izany hafatra izany. Nisy fotoana indray mandeha niresahany tamin'ny vondron'olona tany Allemagne izay nijalijaly vokatry ny ady. Ny hafatra napetrany dia hoe: "Mamela heloka Andriamanitra." Tam'in'izany no nahatonga ilay fahatokian'i Corrie ten Boom ho lasa fitahiana.

Nisy lehilahy iray nanatona azy. Fantany fa iray tamin'ireo mpiambina



masiaka tao amin'ny toby izany lehilahy izany. "Niresaka momba an'i Ravensbrück ianao tao amin'ny hafatra nataonao teo," hoy ity lehilahy.

"Mpambina tao aho. Fa taty aoriana aho dia efa lasa Kristianina." Nanazava izy fa nikatsaka ny famelan-keloka avy tamin'Andriamanitra tamin'ireo zavatra mahatsiravina vitany. Nanolotra ny tanany izy ary nangataka hoe: "Hame-la ahy koa ve ianao?"

Niteny i Corrie ten Boom avy eo hoe:

"Tsy nihoatra ny segondra vitsivitsy akory ny nijoroany teo—nanolorany ny tanany—kanefa toy ny ora maro izany tamiko raha teo am-pitolomana tamin'ny zavatra sarotra indrindra izay tsy maintsy nataoko aho.

"... Ilay hafatra milaza fa mamela heloka Andriamanitra dia misy ... fepetra: dia ny hamelantsika ireo izay nanao heloka tamintsika. . . .

"... 'Ampio ahol!' hoy aho nivavaka anakampo. 'Afaka manolotra ny tanako aho. Vitako izany. Mba omeo ilay fahatsapana hamela heloka aho.'

"... Kirikirina aho, nefà nandeha ho azy ihany ny fanolorako ny tanako tam'in'ilay nanolotra ny tanany tamiko. Rehefa nanao izany aho dia nisy zavatra nahavariana nitranga. Nisy hery tsapako nanomboka teo amin'ny soroko, nidina nanaraka ny sandriko, ary tonga hatreny amin'ilay tananay nifandray. Avy eo izany hafanana manasitrana iza ny dia toa nanenika ny vatako manontolo ary nampirotsaka ny ranomasoko.

"Mamela anao amin'ny foko manontolo aho ranadahy!" hoy aho nitomany.

"Nifandray tanana nandrity ny fotoana elaela izahay, ilay mpiambina taloha sy ilay voafonja taloha. Tsy mbola nahatsapa ny fitiavan'Andriamanitra tena nahery vaika toy ny tamin'izay aho."<sup>6</sup>

Ho an'ireo izay miezaka ny tsy hanao ratsy sy hiaina fainana tsara, ireo izay miezaka ny hanana masoandro mibaliaka hatrany sy hitandrina ny didin'Andriamanitra, dia hihatsara ary hihatsara kokoa hatrany ny zavadrhetra na dia eo aza ny zava-doza mitranga. Nampiseho antsika izany lalana izany ny Mpamony. Raha avy teo Getsemane, dia teny amin'ny hazo fijaliana ary avy tao am-pasana, dia



nitsanganana tamim-pandresena lehibe Izy, ka nitondra fainana sy fanantenana ho antsika rehetra. Mangataka amintsika Izy hoe: "Avia, manaraha Ahy."<sup>7</sup>

Nanolotra izao hevitra izao ny Filoha Thomas S. Monson: "Raha toa ka te-handresy ny fisedrana mafy isika, dia tokony hitondra ny anjara birkintsika eo amin'ny fainana foana. Raha toa ka te-hahatratra ny tanjontsi-ka sy hiverina hiaina hiaraka amin'ny Raitsika any an-danitra isika dia tsy maintsy mitandrina ny Didiny sy maka tahaka ny fainan'ny Mpamony eo amin'ny fainantsika manokana. Amin'ny alalan'ny fanaovana izany dia tsy vitan'ny hoe hahatratra ny tanjontsi-ka izay ny fainana mandrakizay fotsiny isika fa koa hampivoatra lavitra kokoa sy hanatsara kokoa ny tany, izay tsy ho lasa toy izany mihitsy raha toa ka tsy *niaina sy namatanteraka ny adidintsika*"<sup>8</sup> isika.

Misy ireto teny manainga fanahy ireto ao amin'ny Baiboly Masina: "Ary rehefa re izany rehetra izany, dia izao no faran'ny teny: Andriamanitra no atahory, ary ny didiny no tandremo, fa *izany no tokony hataon'ny olona rebetra*."<sup>9</sup>

#### **Inona ary ity Zavatra Antsoina hoe Adidy ity?**

Ny *adidy* izay resahiko eto dia ireo zavatra antenaina mba hataontsika sy

ny fanatratrarana ilay maha izy azy andrasana amintsika. Adidy ara-moraly ny miantso ny olona tsirairay sy ny fiaraha-monina hanao ny tsara, ny marina ary zavatra mendri-kaja. Ny adidy dia tsy mitaky fahalavorariana, fa mitaky kosa fahavitrihana. Ny adidy dia tsy hoe izay rariny fotsiny fa tena izay fe-no hasina. Tsy natokana ho an'ireo olona ambony na manana toerana ambony izany adidy izany fa kosa iankinan'ny fototra iorenana'ny fandraisana andraikitra, ny fahitsiana sy ny herimpo izay an'ny tena manokana. Maneho ny finoan'ny olona iray ny fanaovany ny adidiny.

Nilaza izao ny Filoha Monson mikasika izany: "Tiako sy hajaiko ilay teny manan-danja hoe *adidy*".<sup>10</sup> Ho an'ny mpikamban'ny Fianganon'i Jesoa Kristy, ny lalan'ny adidintsika dia ny fitandremana ny fanekepihavanana izay ataontsika eo amin'ny fainantsika andavanandro.

#### **Ho an'Iza sy Noho ny Inona no tsy maintsy Hanaovantsika izany Adidy izany?**

Voalohany, ho an'Andriamanitra, Raitsika any an-danitra, no hanarahantsika ny lalan'ny adidintsika. Izay no mpamorona ny drafity ny famonjena, "mpahary ny tany sy lanitra," mpahary an'i Adamo sy Eva.<sup>11</sup> Izay no loharano ipoiran'ny fahamarinana,<sup>12</sup> ny fitiavana

tonga vatana,<sup>13</sup> ary antony isian'ny fanavotana amin'ny alalan'i Kristy.<sup>14</sup>

Hoy ny Filoha Joseph F. Smith: "Avy amin'[Andriamanitra] ny zavatra rehetra ananantsika. . . Isika sy ny tenantsika dia tsy inona fa vongan-tanimanga tsy miaina ihany. Ny fainana, ny faharanitan-tsaina, ny fahendrena, ny fandanjalanjana ary ny hery isainana dia fanomezan'Andriamanitra ho an'ny zanak'olombelona avokoa. Omeny ny tanjaka ara-batana ilaintsika isika ary ny tanjaka ara-tsaina koa. . . Tokony haneho haja an'Andriamanitra isika amin'ny faharanitan-tsaina, ny tanjaka, ny fahatakarana, ny fahendrena ary ny hery rehetra ananantsika. Tokony hiezaka ny hanao ny tsara eto amin'izaao tontolo izao isika. *Izany no adidintsika.*"<sup>15</sup>

Tsy afaka hanao ny adidiny amin'Andriamanitra ny olona iray raha tsy manao izany koa amin'ny Zanakalahin'Andriamanitra, dia ny Tompo Jesoa Kristy. Ny fanehoampanajana amin'ny iray dia mitaky ny fanaovana izany koa amin'ilay iray hafa, satria ny Ray no nitaky fa amin'ny alalany sy amin'ny anaran'i Kristy no ahafahan'ny olona iray manatontosa tanteraka izany adidy napetraka taminy izany.<sup>16</sup> Izay no Ohatra sy Mpanavotra ary Mpanjakantsika.

Rehefa manao ny adidiny amin'Andriamanitra ny lehilahy sy vehivavy, ny zatovolahy sy ny zatovovavy, dia mahatsiaro tena ho voasarika hanao ny adidiny eo amin'izy samy izy koa izy ireo, sy ho an'ny fianakavany, ary ho an'ny Fianganon sy ny fireneny, sy amin'i-reo zavatra napetraka taminy mba hataon'izy ireo. Izay ireo dia takiana ao amin'ilay adidiny mba hanandriana ny talentany sy hanaja ny lalana ary mba ho tonga olona tsara. Hanetry tena sy hanoa, ho malemy fanahy sy mora hiavanana izy ireo. Hiara-dalana amin'ny indrafo ny fahalalana onony ary hitarika ny fahavitrihany ny fankatoavana. Mirotsaka eo amin'izy ireo ny fiadanana. Lasa olo-marina ny olom-pirenena, lasa manao asa an-tsitraro ny fiaraha-monina ary lasa mpinamana ny mpiara-monina. Faly ny Andriamanitry ny lanitra, milamina ny tany ary lasa toerana tsaratsara kokoa izao tontolo izao.<sup>17</sup>

## Ahoana no Hahafantarantsika ny Lalany Adidintsika eo Anivon'izao Fahasorotana izao?

Mivavaka! Izany no fomba azo antoka indrindra ahafantaran'ny tsirairay izany. Izany no lalana mampifandray amin'ny any an-danitra ho an'ny olona rehetra. Ny Apôstôly Petera dia nilaza hoe: "Fa ny mason'ny Tompo dia mitsinjo ny marina, ary ny sofiny mihaino ny fitarainany."<sup>18</sup>

Ny vavaka atao amim-panetren-tena, tsotra ary mitaona fanahy dia miteraka fitarihama masina ho antsika tsirairay izay tena ilaintsika tokoa. Nanolotra torohevitra i Brigham Young hoe: "Indraindray, dia toa miroanahana sy feno fiahahiana ny olombelona . . . ; kanefa efa nampianarina isika fa *adidintsika ny mivavaka*."<sup>19</sup>

Nampianatra i Jesoa hoe:

"Tsy maintsy miambina sy mivavaka mandrakariva ianareo fandrao miditra ao amin' ny fakampanahy; . . .

"Koa tsy maintsy mivavaka mandrakariva amin' ny Ray amin' ny anarako ianareo;

"Mivavaha amin' ny Ray ao amin' ny fianakavianareo amin' ny anarako mandrakariva mba hitahiana ny vadinaréo sy ny zanakareo."<sup>20</sup>

Mba hampahomby ny vavaka atao dia tsy maintsy mirindra amin'ny drafity

ny lanitra izany. Misy vokatra ny vavaka natao tamim-pinoana rehefa mirindra izany zavatra izany, ary izany firindrana izany dia misy rehefa entanin'ny Fanahy Masina ny vavaka. Milaza amintsika izay tokony hangata-hintsika ny Fanahy.<sup>21</sup> Raha tsy eo izany fitarihama lehibe izany dia voasarika "hangataka zavatra diso"<sup>22</sup> isika, hikatsaka ny sitrapon'ny tenantsika fotsiny fa tsy ny "Sitrapony."<sup>23</sup> Toy ny maha zava-dehibe ny tarihin'ny Fanahy Masina eo am-pivavahana ny maha-zava-dehibe ny fandraisana fahazavana avy amin'izany Fanahy izany koa eo am-pandraisana ny valin'ny vavaka. Mitondra fitahiana avy any an-danitra ny karazam-bavaka toy izany satria "fantatry ny Rai[ntsika] izay tokony ho [antsika], raha tsy mbola mangataka aminy aza hianareo"<sup>24</sup> ary mamaly ny vavaka amin-kitsimpo rehetra Izy. Ary amin'ny farany dia ny Ray sy ny Zanaka no mampantanena hoe: "Mangataha, dia homena hianareo; mitadiava, dia hahita hianareo; dòndony, dia hovohana hianareo."<sup>25</sup>

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny lalan'ny adidintsika dia voafaritra mazava amin'ny alalan'ny finoana tsy misy fisalasalana an'Andriamanitra, ilay Ray Mandrakizay, sy ny finoana ny Zanany lahy, Jesoa Kristy, ary ny finoana

ny herin'ny vavaka. Izany lalana izany dia tsy maintsy ho lalovan'ny zanak'Andriamanitra tsirairay avy izay tia Azy sy maniry ny hitandrina ny Didiny. Ho an'ireo tanora izany dia mitarika any amin'ny fahatontosana sy fiomanana ho an'ny tena manokana. Ho an'ireo olon-dehibe izany dia mitarika amin'ny fanavaozana ny fi-noana sy ny fanapahan-kevitra amin' ny zavatra atao. Ho an'ireo taranaka efa zokinjokiny izany dia mitarika amin'ny fananana tanjona sy ny faharetana ao anatin'ny fahamarinana ha-tramin'ny farany. Izany dia manome ho an'ireo mpanara-dia mahatoky tsirairay ilay tanjaky ny Tompo, sy miaro azy eo anatrehan'ny fahartsiana eo amin'izao andro izao, ary manome azy ilay fahalalana hoe "fa ny faran'ny zava-drehetra dia [ny fahatahorana] an'Andriamanitra sy [ny fitandrema-na] ny didiny: *fa izany no tokony bataon'ny olona rebetra.*"<sup>26</sup> Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

### FANAMARIHANA

1. Mosesy 7:61; nampiana fanamafisana.
2. Joseph F. Smith, *Gospel Doctrine*, 5<sup>th</sup> ed. 1939, 156.
3. Môsià 1:17.
4. Almà 7:22.
5. Helamàna 15:5.
6. Jereo Corrie ten Boom, *A Chilling Encounter, Tramp for the Lord* (1974), 54–55.
7. Lioka 18:22.
8. Thomas S. Monson, nahazoana lalana ny fampiasana azy.
9. Mpitoriteny 12:13; nampiana fanamafisana.
10. Thomas S. Monson, "Duty Calls," *Ensign*, Mey 1996, 43.
11. Jereo Fotopampianarana sy Fanekepihavانا 20:17–19.
12. Jereo Fotopampianarana sy Fanekepihavانا 93:36.
13. Jereo 1 Jaona 4:8.
14. Jereo Jaona 3:16; Helamàna 5:10–11.
15. Joseph F. Smith, tao amin'ny Tatiriy ny Fihaonambe, Ókt. 1899, 69, 70; nampiana fanamafisana.
16. Jereo Môrônîa 10:32–33; Fotopampianarana sy Fanekepihavvana 59:5.
17. Jereo Almà 7:23, 27.
18. 1 Petera 3:12.
19. *Teachings of Presidents of the Church: Brigham Young* (1997), 45; nampiana fanamafisana.
20. 3 Nefia 18:18–21.
21. Jereo Fotopampianarana sy Fanekepihavvana 50:29–30.
22. Jakoba 4:3.
23. Jakoba 4:3.
24. Matio 6:8.
25. Matio 7:7; jereo koa Dikatenin'i Joseph Smith, Matio 7:12–13, ao amin'ny Bible appendix.
26. Mpitoriteny 12:13; nampiana fanamafisana.

